# Fifidianana ben'ny tanàna
# Tsy matoky ny Ceni ny kandida 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 144), Madagasikara 14 aogositra 2019 5

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
Alakamisy 22 Aogositra 2019 Laharana 943 Vidiny : 400 Ar

Depiote TIM : tolo-dalàna hifehy ny mpanohitra 3

# Mifanohitra amin'ny lalampanorenana And 14 - 5



Rodoben'ny mpanohitra RMDM 2

# Vonona hampandroso ny firenena



## TSIADANA, AMBODITSIRY 5
Vitan'ny CUA 90% ireo lalankely natao rarivato tsara rafitra



## Tsy fandriampahalemana 6
Lavo ny tompon'omby iray sy malaso miisa 2

## Fascène Nosy-Be 7
Tratra ny tambazotra mpanondrana volamena an-tsokosoko

## Antoko DHD 3
Mangata-panazavana amin'ny Filoha Rajoelina sy ny Praiminisitra Ntsay

## Daka kely
Ampiharo lesy ny lalàna ry Boaikely fa aza manao biby mitorina ohatran'io a !

## CUA sy Ambasadin'i Inde 2
Ho velomina ny lalana Mahatma sy Indira Ghandi



RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM

# Vonona hampandroso ny firenena

Tsy miandry ela intsony ny fampandrosoana..., vonona ny hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana ny firenena ny rodoben'ny mpanohitra ho an'ny demokrasia RMDM, ka nanatanteraka ny fivoriana voalohany izy ireo ny 20 aogositra lasa teo, izay notarihin'ny filohany Marc Ravalomanana, izay sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nanatrika izany avokoa ireo filoha lefitra isaky ny faritany eto Madagasikara ary ireo birao mandrafitra ny RMDM. Herivelona eto amin'ny fiainampirenena, ka handray anjara feno amin'ny fampandrosoana ny firenena ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Nisy araka izany nandritra ny fivoriana ny fametrahana ny lamina rehetra toy ny fitsipika anatiny sy ny sata mifehy ny RMDM, mba hahafahany manatanteraka tsy misy andraso andraso ny asa fampandrosoana eo amin'ny toerana sy ny sehatra misy azy ireo . Efa nanambara hatrany ity rodoben'ny mpanohitra ity fa hitondra fijery vaovao amin'ny fomba fanoherana eto amin'ny firenena izy ireo , fa tsy sanatria hanongam-panjakàna toy ny nataon'ny filoha Andry Rajoelina sy ny forongony tamin'ny taona 2009. Tsy ilaina intsony ny fiverenan'ny krizy eto amin'ny firenena satria efa tena mijaly noho ny fahantrana naterak'izany ny vahoaka Malagasy.



*Ny fivoriana nataon'ny mpitarika ny RMDM teny Faravohitra.*

***Helisoa***

Fitaomana fako Antananarivo

# Hahazo kamiao 10 ny SAMVA

Manoloana ny fakobe mivangongo eto Antananarivo Renivohitra dia nanambara ny ministry ny rano fa ho tonga amin'ny volana septambra 2019 izao, ireo kamiao miisa 10, hanampy izay efa ananan'ny SAMVA, hitaomana ny fako eto an-drenivohitra, hisorohana ny valan'aretina toy ny pesta, eo koa ny fahadiovana mandritra ny fitsidihan'i Papa François eto Madagasikara. Nivoitra izany nandritra ny fidinan'ny Minisitry ny angôvo sy ny rano ary ny akoranafo Vonjy Andriamanga teny amin'ny SAMVA Nanisana ny talata lasa teo. Mazava amin' ny vahoaka amin'izay izany manomboka izao fa anjaran'ny SAMVA no mitatitra ny fako mankeny ANDRALANITRA ; efa nanao ny ezaka rehetra ny kaominina Antananarivo Renivohitra tarihan' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tamin'ny alalan'ireo mpamafa lalana sy ny RF2 manadio tanàna ary mitatitra ny fako eny amin'ny daban-jaoridira . Tato ho ato anefa, tsy afaky ny SAMVA ny fako ; dia lasa nivangogo be amin'ny faritra be mponina . Antenaina izany fa hivaha manomboka izao ny fanesorana ny fako eto an-drenivohitra. Koa entanina ihany koa isika mponina mba hanaja ny fahadiovana satria rehefa tsy mandoto dia efa naman' ny manadio. Eo ihany koa ny tokony hanajàna ny fotoana fanariampako manomboka amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina .



*Ny ministry ny rano, Vonjy Andriamanga.*

***Helisoa***

Antenimierandoholona

# Tokony hodinihana tsara ny toerana hanaovana ny tetikasa Tanamasoandro

Notanterahana ny talata teo, tao amin'ny lapan'ny Antenimierandoholona Anosikely nandritra ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehana, ny fanolorana ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny politika ankapoben'ny fanjakana, izay nataon'ny Praiministra, lehiben'ny governemanta Ntsay Christian. Ny Filohan'ity andrimpanjakana ity, Rivo Rakotovao, notronin'ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitra, no nitarika izany fivoriana izany. Teboka 5 no niompanan' ny famelabelarana nataon' ny Praiminisitra Ntsay Christian : ny lafiny fitantanana, ny fandriampahalemana sy filaminana, ny toekarena, ny tontolo iainana ary ny lafiny ara-tsosialy. Tao aorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanomezana soso-kevitra ireo Loholon'i Madagasikara. Anisan'izany ny fanontaniana mahakasika ireo mpiasa ECD sy EFA avy amin'ny minisitera samy hafa, izay tsy nohavaozina ny fifanarahana. Nasian'izy ireo resaka ihany koa ny tsy fandriampahalemana, ny orinasa Jirama, tao ihany koa ny mahakasika ny foto-drafitr'asa Tanamasoandro, izay tokony hodinihana tsara ny toerana hanatanterahana azy. Voaresaka ny mahakasika ny tetibolan'ny Antenimierandoholona, izay nisy fihenany tamin'ity taona ity. Nangataka koa ireo Loholona ny mba handinihana tsara ny mombamomba ireo izay tokony ho tendrena lehiben'ny Faritra, ka homena laharam-pahamena ny manana traik'efa. Nanambara ny Praiminisitra fa voaray avokoa ireo soso-kevitra ho entina hanatsarana ny fandaharan'asa ary mahakasika manokana ny foto-drafitr'asa Tanamasoandro dia hisy ny fidinana ifotony miaraka amin'ireo teknisianina, izay hijery ny fandehan'ny asa .



***Aris***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fifidianana ben'ny tanàna

# Tsy matoky ny Ceni ny kandida

Ahiana ny fihenan'ny mpifidy amin'ity taona ity na dia efa fantatra aza fa ny 27 Novambra ho avy izao no hanatanterahana izany eto amintsika. Ny 29 Aogositra izao no fanombohan'ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-ko fidiana amin'izany . Tsy araky ny efa nampahafantarina toy ny teo aloha ny anto-bola fa midangana , ka ho sahirana ny kandida tsy miankina amin'ny antoko pôlitika. Ankoatr'izay, dia tsy matoky ny Ceni ihany koa ny mpanao pôlitika sy ny kandida na dia efa mandeha aza ny fampidirana ny anaran'ireo tsy mbola tafiditra anaty lisitra teo aloha. Sarotra ny hifehy sy hahita ny marina raha ny hevitr'ireo mpanao pôlitika ireo, satria mbola ireo mpikambana ao amin'ny Ceni hatrany no mitantana ny fifidianana amin'ity indray mitoraka ity. Ankoatr'izay ihany koa dia mbola volabe no ho lany amin'ny fampielezan-kevitra nefa tsy ho lany velively eo mihitsy ny tsy miankina, noho ny paipaika sy halabato efa nataony sy hataon'ny CENI. Manahy sahady ireo kandida tsy miankina fa tsy malalaka sy mangarahara ny fifidianana amin'ity fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ity, na dia efa samy manome toky aza ny tompon'andraikitra samihafa, fa ara- dalàna sy mangarahara ny fifidianana hitranga eo.

***Rajo***

CUA sy Ambasadin'i Inde

# Ho velomina ny lalana Mahatma sy Indira Ghandi eny Mahamasina sy Tsaralalana

Nitsidika tamin'ny fomba fifanajana ny ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely omaly maraina, ny Ambasadaoro vaovaon'i Inde monina sy miasa eto amintsika, Abhay Kumar. Anisan'ny voaresaky ny roa tonta tamin'izany ny hamelomana lalana roa eto an-drenivohitra mitondra anarana olo-malaza any Inde, sy eto amin'izao tontolo izao. Ho velomina indray ny takelaby famantarana ny lalana Mahatma Ghandi eny Mahamasina, sy ny lalana Indira Ghandi eny Tsaralalana. Ho velomina toy izany koa ireo mari-pamantarana amin' ny arabe na marquage au sol amin'ireo lalana roa ireo. Tafiditra amin'ny fahatsiarovana ny faha-150 taona nahaterahan'i Mahatma Ghandi izao hetsika izao, ho tokonana tsy ho ela ireo lalana ireo. Voaresaka nandritra ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanàna sy ny Masoivohon'i Inde vaovao ity koa, ny hanaovana tanàna mpirahavavy an' Antananarivo amin'ny tanàna iray any Inde.

***Isambilo***



*Ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo sy ny Masoivohon'i Inde vaovao.*

**DEPIOTE TIM, TOLO-DALÀNA HIFEHY NY MPANOHITRA**

# Mifanohitra amin'ny lalampanorenana And 14 - 5



Ao anatin'ny adihevitra mikasika ny satan'ny mpanohitra eto Madagasikara ankehitriny ny antenimiera roa tonta: ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena. Raha ny eny Tsimbazaza manokana dia mafana ny ady hevitra ary tsy manaiky lembenana ireo depiote mpanohitra eto amin'ny firenena , ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sy ireo depiote tsy miankina sasany . Manoloana izany , nisy ny fihaonan'ny depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara tamin'ny mpampahalala vaovao teny Tsimbazaza omaly alarobia, nanazavan'izy ireo ny zavamisy ao antoerana mikasika ny fandinihana ity lalàna 2011 -013 izay mbola tsy nampiharina akory ity. Nanambara ireto farany fa tsy handray anjara amin'ny fivoriana azon'ny be sy ny maro hatrehina amin' ny fandinihana ny lalàna mifehy ny antoko politika, araka ny tolodalàna nataon'ny solombavambahoaka IRD, Brunel Razafitsiandraofa, ny depiote Tiako i Madagasikara, satria mifanohitra amin'ny lalampanorenana art 14 – 5 izany . Ny fampiharana ny lalàna 2011- 13 izao no takiana fa tsy ny fanafoanana izany, ka soloina amin'izay tian'ny fitondràna atao. Marihina fa izao fanapahankevitra izao dia niarahana nanapaka tamin'ny birao politikan'ny antoko Tiako i Madagasikara hoy ny fanambarâna .

***Helisoa***

Antoko DHD

# Mangata-panazavana amin'ny Filoha Rajoelina sy ny Praiministra Ntsay

Ny antoko DHD Madagasikara dia nanao fanambarana hangatahina ampahibemaso fanazavana amin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohampirenena sy Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra ary ianareo Tompompahefana mahefa. Efa to tapa-taona mahery izay no nijoroan'izao fahefampanjakana izao. Ireo asa nataon'ny Fahefampanjakana hatramin'izao dia fanohizana ny efa nisy teo aloha avokoa. Asa fanova-maso mirentirety no famoronana hany natao tery sy teroa. Raha ny hita sy tsapa dia mifanalavitra ary mifangarika amin'ny "velirano " nambara izao fiasan'ny Fahefampanjakana izao. Saropiaro amin' ny tombontsoan'ny fiarahamonina ny antoko DHD Madagasikara, noho izany mba hatokisana sy ahafantaran'ny olom-pirenena ny zavamisy iainany sy andrasany marina dia mangataka ny Fahefampanjakana HAMOAKA AMPAHIBEMASO:

1- Ny totalimbola marina ilaina sy heveriny hanatanterahana ny "velirano ",
2- Ny loharano mazava ahitana izany vola izany,
3- Ny fepetra araka ny lalàna mamaritra ny tetiandro hamitana izany.

Ambaran'ny antoko DHD Madagasikara fa efa tsy raharahan'ny mpitondra irery intsony ny fahefana. Ny olom-pirenena tsirairay dia manan-jo ahafantatra ny izoran'ny fireneny. " Hampiharina ho an'ny rehetra ny zo maha-olona sy ny demokrasia ". " Fijery vaovao, fandaminana vaovao ", hoy ny Filoha nasionaly Harry Naivo RASAMOELINA.

***Nangonin'i Helisoa***



*Ny filoha nasionalin'ny antoko DHD, Harinaivo Rasamoelina.*

Zandarimariam-pirenena

# Nahazo moto miisa 9 avy amin'ny Ambasadin'i Chine



*Ny lanonana fanolorana moto tetsy amin'ny Toby Jeneraly Richard Ratsimandrava.*

Moto miisa 9 no natolotry Ramatoa Ambasadaoro Sinoa miasa sy monina eto Madagaikara, avy amin'ny Fitondrana Sinoa, ho an'ny Zandarimariam-pirenena, tetsy amin'ny Toby Jeneraly Ratsimandrava, ny talata teo. Tonga nitarika ny lanonana ny Jeneraly Richard Ravalomanana Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimaria, notronin'ny Jeneraly isany Komandin'ny Zandarimariam-pirenena sy "Coordonnateur Général" ary ireo Tomponandraikitra ambony rehetra eo anivon' ny Zandarimaria. Fantatra fa ireo Tobim-paritra somary lavitra sy saro-dalana no hisitraka an'ireto moto ireto toy ny any Marolambo, Besalampy sy Fenoarivobe ary Kandreho. Nankasitraka izany ny sekreteram-panjakana ary nanambara fa ho hamafisina hatrany ny fiaraha-miasa siinoa sy malagasy.

***Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Nahavita foto-drafitrasa lalankely sy lalana vita rarivato tsara ny CUA tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana



**Randrianaivo Geremioh :** arahabaina, ohatran' ny any Venise ilay sary.
**Sahondra Ranivoarinoro :** tena tsara ilay zavabita.
**Tatl Tantely Andriamalala :** mba jereo le zavatra tokony jerena fa ts zavatra efa ataon'ny association sy ny fikambanana isan- karazany any no mody tongatongavana e !
**Solofo Fanomezantsoa Rakotoarisoa :** ary le tongatongavan'lisany ? Le asandRajao ? io herimpon' ny CUA sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana madiodio ireo zava-bita ireo.
**Dadan'i Jemima Rivo Ralaivita Rasandimanana Miatrika :** fako tompoko azafady.
**Romy Mode :** ny fitaomana ny fako dia an'ny SAMVA sy ny ministeran'ny rano, fa ny manadio hatreo amin'ny daban-jaoridira kosa dia vitan'ny CUA sy ny RF2.
**Hari Soa :** mahafinaritra lay ezaka, ny anay aty Andravoangy ouest efa natao koa fa ny nampalahelo d notampenann mpanao lalana ny lakandrano rehetra anelakelatrano d lasa tsy misy ivoahan rano isantokantrano, tokony hojerena izay olana izay.
**ATI Leta :** fa manin kay no aty am akaiky fifidianana vao natao, fika politika mila ovaina itovizan'ny mpitantana efa ho lany daty io, misaotra fa tsara na izany aza.
**Tolojanahary Andriamalala :** za tsy TIM fa misaotra @ asa vita eny Tsiadana. Tonga d niova ny endriky ny tanàna. Mankasitraka tompoko. Tsy vao izao io no nataony fa elaela ihany, mbola tsy fantatra akory tamin'izay hoe rahoviana ny datim-pifidianana.
**Dola Razafimanan :** MISAOTRA indrindra, mbola betsaka koa no miandry e, misy toa ireo avokoa ny amin'ny Boriboritany 6.

*TONONKALO*

## HO AVY ILAY NANDRASANA

Tena ho avy ilay nandrasana ka mitohy ny fanentanana.
Efa akaiky dia akaiky ny fotoana hiomanana.
Ao ireo hetsi-panadiovana , kanto ireny , tsisy tsiny.
(Indreo afenina ny loto tsy ho hitan`ny vahiny !)

Tena ho avy ilay nandrasana ka mitohy ny fanentanana.
Toa milamindamin-dratsy ny tanàna raha tombanana !
Saingy indrisy , moa ho sary mihelina mandalo ihany
Ho an`ny Malagasy maro izany rehetra rehetra izany ?

Tena ho avy ilay nandrasana ka mitohy ny fanentanana.
(Toa navela vetivety ny ady sy fifanolanana !)
Saingy be no efa manahy fa raha vao lasa ity vahiny
Dia hitohy ny gidragidra handrakotra "iny lalana iny" !

Tena ho avy ilay nandrasana , irariana ho tonga soa ,
Hitondra hery vaovao sy fampiraisana tokoa,
Ka tsy ho fifalia-mandalo , tsy izay no tarigetra,
Fa ny hananan`ny vahoaka fiadanana mitoetra .

Tena ho avy ilay nandrasana ka toa miova ny tanàna.
Efa tsara petrapetraka ny amin`izay ho fitsenana.
Faniriana dia ny hoe hitohy hatrany ny hafanana
Fa tsy ho endrika eto ivelany hanafenam-pahantrana !

***SEDERA RAVALISON (20-08-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fihaonana teo amin'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo sy ny Ambasadaoron'i Inde.









**FJKM Mamoriarivo Fitiavana**

## Vita ny trano fisainana vaovao

Feno 40 taona ny fikambanan'ny zanaka am-pielezan'ny Fjkm Mamoriarivo Fitiavana, synodam-paritany Iarivo avaradrano. Fanamboarana trano vadim-piangonana sy trano fisainana miisa roa no tsangambaton'izany faha-40 taonan'izy ireo izany. Ny fanamarihana ny faha-30 taona dia nanao lakozia ny zanaka am-pielezana, ny faha-35 taona dia trano fidiovana sy fanamboarana tokontany no tsangambato, ary izao indray dia fanamboarana ny trano vadim-piangonana sy trano fisainana miisa roa. Notokanana ny Alahady lasa teo nandritry ny fetin'ny taranaka teny an-toerana ireo foto-drafitrasa ireo. Feno 150 taona ihany koa amin'ity taona ity ny Fjkm Mamoriarivo Fitiavana, ka horaisintànana ny 4 Oktobra ho avy izao ny mpitandrina eo an-toerana izay tarihan'ny synodam-paritany sy ny foibe Fjkm, fa ny 6 Oktobra kosa ny an'ny reni-fiangonana sy ny zanaka am-pielezana. Matotra amin'ny ankapobeny ny fiaraha-miasan'ny fiangonana reniny sy ny zanaka am-pielezana ary mbola hitohy hatrany izany raha ny fanentanana samihafa ny Alahady lasa teo teny an-toerana.

*Rajo*

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

Fanehoan-kevitra
sms :
034 09 187 88 ;
032 11 505 44 ;
033 24 783 65

## Sakafo Ny Valosoa



**Laisoa sy atody (Oeufs brouillés au choux)** indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mitovitovy amin'ilay ovy sy atody sy saosety sy atody ihany ny fomba fikarakarana azy. Akora ilaina : laisoa; tongolo gasy, sira, dipoavatra; atody. Fomba fikarakarana laisoa sy ny atody: tetehina ny laisoa, endakendasina tsy atao malemy be. Asiana tongolo gasy sy sira ary dipoavatra. Arotsaka ny atody voakapoka. Rehefa mahazo marihitra madity dia vita. Fanamarihana : tsy atao masaka be ny laisoa mba tsy ampavesatra azy satria ny atody efa mavesatra. Afaka tsy ampiarahina amin'ny vary fa amin'ny mofo dipaina.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fitsaboana ny may



Fomba natoraly fitsaboana ny may indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha may ny olona iray, raha vao misy olona iray main'ny ranomafàna, na menaka, na afo dia ny tsy hiverenan'ilay hoditra may amin'ny laoniny no ahiahy voalohany. Maro anefa ny fomba azo atao mba hampiverina izany amin'ny endriny teo aloha. Efa nisy nilaza maromaro tany aloha fa inty misy fanampiny iray. Mitsimpona ravina manga mihintsana amin'ny tany, *Mangalà sahafa vy na lovia vy, Dorana anatin'ilay sahafa na lovia ilay ravina manga hahazoana lavenona. Tatavanina ilay lavenona mba hialàn'ireo faikampaikany. Lemana rano kely ilay lavenona azo ka ahosotra ilay faritra may. Atao matetitetika io fanosorana io fa hiala ilay hoditra may, ka hisolo vaovao mitovy amin'ilay teo aloha sy tsy hisy holatra. Ny hoditra may vao haingana no nandramana azy ity fa asa ny hoditra may efa ela raha mety fa azo andramana koa anefa.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Sakaraha any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Sakaraha any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Sakaraha. Tsy dia avo toerana loatra izy satria 470 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny lalam-pirenena faha-7 no misy azy, 134 km miala an'i Toliara, 64 km an'Andranovory ary 84 km an'Ilakaka. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany, mamboly vary koa ny any an-toerana. Miroborobo ny toekaren'ity tanàna ity ankehitriny noho ny fitrandrahana sy fandraharahana safira ary izany dia mampalaza ity tanàna ity manerana izao tontolo izao. Ankoatra izany, nahita gaz tany akaikin'i Sakaraha ny orinasa Southern Petroleum Company tamin'ny taona 2011. Manakaiky an'i Sakaraha koa no misy ny valan-javaboaharim-pirenen'i Zombitse Vohibasia, izay 20 km miala an'i Sakaraha ary 150 km miala an'i Toliara. Najoro tamin'ny taona 1997 ity valan-javaboaharim-pirenena ity, izay manana velarana 360 km2. Ahitana karazana varika ao, hita ao avokoa ny antsasaky ny karazam-borona izay tsy hita hafa-tsy eto Madagasikara.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 144), Madagasikara 14 aogositra 2019

***Jaona 14: 15-17 "Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko. Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo."***

Ry mpihaino, sy mpamaky, finaritra ve? Manam-pifaliana ve? Mahatsapa fiadanana ve? Voakasiky ny Hery sy Fahasoavana ve? Manana ny Fanahiko ve? Maharitra amin' ny fanompoana AHY ve? Manao am-po ny Teniko ve? Ny fampianarako? Mitoetra tsara ao amin' ny asako? Tena mivavaka AMIKO? Manantena fiainan-danitra? Mahalala tsara ny atao hoe fiverenan' i JESOSY sy ny fampakarambadin' ny Zanak' ondry? Ny zava-miafina eo amin' ny tany misy ny velona izay mifandray amin' ny zava-miafin' ny Lanitra? Katsaho AHO, tadiavo AHO, andramo ny Fitiavako, itoero ny finoana an' i JESOSY, aoka hino izay aloaky ny vavako, aoka hatahotra AHY JEHOVAH Ilay Tsitoha, Ilay Masina mamoaka Fahamarinana fa hianareo kosa manaova ny marina mba ho tonga any amin' ny Fahamasinana. Io no terigetran' izay hanompo ANAY, IZAHO Izay Ray, JESOSY Izay Zanaka ary ny FANAHY MASINA Ilay Fanekena, Iraka mahefa mahavita, mahasoa, mahavonjy, mahaaro amin' ny zavatra rehetra, mahavelona amin'ny zavatra rehetra, mampitombo ny zavatra rehetra, mampahatsiaro ny zavatra rehetra, tsy mahaela ny TENY FIKASANA, tonga amin' ny fotoana, iraka mahatanteraka izay rehetra ilain'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka amin' ny sarotra, amin' izay tsy ahitam-bahaolana, amin' izay mahakivy sy mampitanondrika, mahay ny zavatra rehetra amin' izay irin' ny olona sy tadiaviny. Ireo no santionan' izay ataon' ny FANAHY MASINA eo aminareo. Raha tsy tody na tsy miverina ao amin' izay nambara hianareo toy ny hoe Batisa dimy:

- Batisan'ny Fibebahana
- Batisan'ny Famelan-keloka
- Batisan'ny Rano (rano mandeha)
- Batisan'ny Fanahy Masina (porofo :Teny tsy fantatra)
- Batisan'ny Afo

dia tsy ho tonga eo aminareo mihitsy izany FANAHY MASINA izany fa mitaky FIBEBAHANA. Aza asiana ady hevitra, aza asiana fampitahana fa mahasoa izay aloaky ny vavako fa izay no atao hoe Tsindrimandrin' ny FANAHY. Tianao ny hahatonga anao eo amin' izany fampianarako izany, mivavaha dia ho tonga aminao izany araka ny Fampianarana sy ny torohevitra atao aminao. Ao amin'ny VAVAKA ve? Afaka manolotra ny fiainanao ho ao amin' i JESOSY mba ho raisiny ho adidy, ho andraikiny ny fiainanao manokana, afaka mifandinika AMINY hianao ao anaty VAVAKA. Afaka mangataka izay mahasoa anao hianao: asa ve? Fahasalamana? Tokantrano? Sns... hainy izany. Afaka misaotra ihany koa hianao amin-javatra rehetra, amin' izay mety ho fahatsapanao amin' ny fiainana : nahazo tombon' andro, mandeha tsara ny asa, ny fidiram-bola, manana hery, tanjaka sy fahasalamana. Misaotra fa mbola afaka manompo AZY, mandeha amin' ny fahitsiana sy Fahamarinana, mbola afaka midera sy mankalaza, manome voninahitra ny Anarako Masina. Fantatro JEHOVAH fa sahirana mihitsy hianareo ny amin' ity atao hoe VAVAKA ity, hoy ny sasany: tsy ilaina intsony ny miantso an' i JEHOVAH fa JESOSY ihany; hoy ny hafa: JEHOVAH ihany fa IZY no mpamorona, Fiafarana ary Fiandohana; dia hoy koa ny maro: tsy misy afa-tsy ny FANAHY MASINA irery ihany no mahefa ny zavatra rehetra, IZY ihany no antsoy. Etsy ange hianao e! ampianariko anao ny tena fivavahana mahafeno ANAY TELO IZAY IRAY, mahafeno ny rindran-damina izay nataonay ka araho tsara. Indreto misy andinin-Teny milaza ny maha-TELO IZAY IRAY ANAY.

**I Jaona 3: 24** "Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao Aminy, ary Izy kosa ao aminy. Ary izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, dia ny Fanahy Izay nomeny antsika."

**Matio 28: 18-20** "Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambarapahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao."

**Jaona 10: 30** "Fa Izay nirahin'i Jehovah Mpanjaka dia milaza ny teniny; fa tsy misy fetra ny fanomezan'i Jehovah Mpanjaka ny Fanahy. Ny Ray tia ny Zanaka ka efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany."

**I Jaona 4: 9** "Izao no nanehoana ny fitiavan'i JEHOVAH antsika: JEHOVAH naniraka ny Zanani-lahy Tokana tamin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany."

**Jaona 5: 36-38** "Fa Izaho kosa manana fanambarana lehibe noho Jaona; fa ny asa nomen'ny Ray Ahy hovitaiko, dia izany asa ataoko izany no manambara Ahy fa nirahin'ny Ray. Ary ny Ray Izay naniraka Ahy, Izy no nanambara Ahy. Tsy mba renareo ny feony, na hitanareo akory aza ny endriny, ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino Izay nirahiny hianareo."

**Jaona 5: 19** "Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka."

**Jaona 5: 26**"Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy."

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
**Telephone :** 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**
- ***Antsiva***, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- ***Soa Radio,*** FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- ***RMK,*** FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA



*Fa na iza na iza no manao ny sitrapon'Andriamanitra dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko.*

***Marka 3:35***

### BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Namendraka fanafody famonoana bibikely sy otrik'aretina rehefa voadio ny tanàna

Rehefa voadio ny tanàna dia niroso tamin'ny fandrarahana na famendrahana ranompanafody famonoana bibikely sy otrik'aretina, teny amin'ireo toerana voadio toy ny tsena, ny toerampivoahana, ny lalambahoaka, ny biraompokontany indray ireo ekipan'ny Boriboritany Voalohany, sy ny avy eo anivon'ny Departemanta misahana ny fahasalamam-bahoaka eo anivon' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tamin' ny andron'ny omaly, mba ho fisorohana ny fiparitahan' ny valan'aretina sy ho fitandroana ny fahasalamana. Tamin'io omaly io dia teny amin'ny fokontany Antohomadinika sy ny manodidina no nanaovana izany ary ranom-panafody 128 litatra eo no lanin'izy ireo tamin'ny fanatanterahana izany asa famonoana bibikely sy ny otrik'aretina izany. Tsara ny manamarika fa isambolana no hanaovana ny fandrarahana ranom-panafody famonoana bibikely sy otrik'aretina eo anivon'ity Boriboritany ity.



*Famendrahana fanafody nataon'ny Boriboritany voalohany.*

**Stefa**

### Analakely, Soarano, Behoririka

## Nentanina hamonjy tsena ireo mpivarotra tsy manara-dalàna

"Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy" no vinan- dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao RAVALOMANANA, araka izany dia samy manao ny ezaka izay tandrify azy avokoa ireo rantsamangaika eo anivon'ny fiadidiana ny tanàna mba hanatrarana izany vina izany. Noho izany indrindra dia nanamafy ny asa fanalalahana sy ny fanadiovana ny arabe izay feno mpivarotra tsy ara-dalàna ny ekipan' ny tsenan'ny Bori- boritany Voalohany, ny Polisy Monisipaly, ny ekipan'ny "intendance" avy ao amin'ny lapan'ny tanàna, ny polisim-pirenena tamin'ity herinandro ity. Ankoatra izay dia nentanina ihany koa ireo mpivarotra mba hamonjy tsena satria ny arabe dia natokana ho an'ny fifamoivoizana ary ny "trottoir" kosa dia ho an'ny mpandeha tongotra. Manelingelina ny fifamoivoizana, manery ny lalan'ny mpandeha tongotra ary mampirongatra ny asan' ireo mpanao ratsy ireo mpivarotra tsy ara-dalàna manerana ny arabe, ka izay indrindra no antony nanamafisana ny asa fanisahana azy ireo toy izao, mba ho tombontsoan'ny be sy ny maro, fa tsy ho an'ny olom-bitsy. Maro ireo toerana izay nanatanterahana izany asa izany dia ny teny Analakely sy ny manodidina, Soarano mankany Tsiazotafo, ary ny faritra Ambodin' Isotry sy ny manodidina. Entanina araka izany ny mpivarotra tsy manara-dalàna, mba samy hamonjy ireo tsena eto an-dRenivohitra na ireo tsenabe isankerinandro, mba hahafahan' izy ireo manao ny asany amin'ny antsakany sy andavany no tsy manelingelina ny hafa.

**Stefa**

### Tsiadana, Amboditsiry

## Vitan'ny CUA 90% ireo lalankely natao rarivato tsara rafitra

Vita 90% amin'izao fotoana izao ireo lalankely sy lalana any an'elakelantrano natao rarivato, nampijaly ny mponina teo aloha, indrindra amin'ny fotoam-pahavaratra eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nijery ny famaramparanana ny asa teny Tsiadana Boriboritany faha-2, sy teny Amboditsiry Boriboritany faha-5 ny talata teo, ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky, nahitana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa, ny talen'ny asa vaventin'ny CUA Henri Ratovohery, ny delegen'ny Boriboritany faha-2 Naivo Rahamefy sy ny delegen'ny Boriboritany faha-5 Rakoto Richard Emmanuel . Lalankely sy lalana tany teo aloha, na vita rarivato ihany fa tsy voarafitra tsara, ireo natao rarivato ireo. Ny sisindalana dia mbola noravahana zaridaina kely misy voninkazo ihany koa. Ireo mpiasa ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra no manatanteraka ny asa, ny fitaovana ampiasaina sy nampiasaina dia ireo vato nalana tamin'ny fanamboarana ireo lalam-pirenena miditra sy mivoaka ny renivohitra. Teny Tsiadana dia lalana sy lalankely mirefy 200 m no natao rarivato, teny Amboditsiry indray dia lalankely any an'elakelantrano mirefy 250 m no natao rarivato. Afapo tamin'ny fahatsaran'ny asa ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nambarany fa ezaka madiodion'ny CUA sy ny mpiasa ao aminy no nahavitana izao foto-drafitrasa tsara kalitao izao. Ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa indray dia niantso ny mponina hikojakoja izao foto-drafitrasa tsara, vitan'ny kaominina izao. Nankasitraka ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny CUA, ireo mponina eny Tsiadana sy Amboditsiry, amin'izao lalana sy lalankely vita rarivato nataon'ny fiadidiana ny tanàna izao.



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy, nijery ny zava-bitan'ny CUA.*

**Isambilo**

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanao hetsika fandaminana sy fanadiovana hitazonana ny lalana halalaka sy hadio hatrany

Araka ny vinan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana eo amin'ny fiarahamonina eto an-drenivohitra, izay " soa iombonan'ny Malagasy" dia nanao hetsika fandaminana sy fanadiovana ny avy ao amin'ny boriboritany fahatelo omaly alarobia, izay notarihan' ny Delegen' ny boriboritany fahatelo Hery Razafintsalama . Nanomboka tetsy Soarano, ka nipaka teny amin'ny station Shell Behoririka no toerana nodiovina . Araka izany dia nisy ny fanakisahana sy fanesorana ireo mpivarotra izay miditra anaty arabe, ny fanentanana azy ireo mba hiakatra ambony troittoir ary manome lalana ho an'ny mpandeha an-tongotra sy ny fanesorana ireo fiara sy sarety mibahana amin'ny lalana . Teo koa ny fampahafantarana ireo "Magasin" lehibe sinoa tetsy Behoririka amin'ireo fanalana ny entany mibahana aty ivelany, sy ny hampidirany azy anaty trano. Tsy azon'ny mpivarotra atao ihany koa ny mivarotra manoloana ny "station taxi" eo Behoririka satria efa faritra natokana ho an'ny taxi iny faritra iny. Nisy koa ny fanentanana an' ireo mpandeha antongotra mba tsy handeha anaty arabe. Tonga nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny ekipan'ny tsenan'ny boriboritany fahatelo, ny Polisy Nasionaly , ny Polisy Monisipaly ary ny ekipan'ny "Intendance" avy ao amin' ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Hita teny an-toerana ihany koa ny solontenan'ny mpanolotsaina monisipalin'ny boriboritany sy ny tompon'andraikitry ny tsena ary ny delegen'ny mpivarotra. Izao asa izao dia asa nifanarahana teo amin'ny CUA sy ny Polisy Nasionaly mba ho fampandrosoana ny tanàna. Marihana fa hisy ny fepetra ho an'ireo mpivarotra izay mbola minia tsy manaradalàna amin'ny fanesorana azy tanteraka tsy ho mpivarotra . Ny Tanjona amin'izao hetsika izao dia ny hampalalaka ny lalana ary ho tazonina madio hatrany .



*Ny fandaminana ny arabe teny Soarano sy Behoririka.*

***Aly***

Tsy fandriampahalemana

## Lavo ny tompon'omby iray sy malaso miisa 2

Nisy tranga halatr'omby miampy vono olona ny tao amin'ny fokonatny Belamonty Kaominina Tanandava distrikan'i Bekily faritra Androy, afak'omaly tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Omby miisa 46 no lasan'ny malaso ary maty ilay tompon'omby antsoina hoe Vazahamena izay chef quartier any antoerana, nandritra ny fanafihana. Rehefa naharay antso ny Zandary ao amin'ny Brigade Beraketa, avy hatrany dia nanaradia niaraka tamin'ny "2ème section de la 14ème Unité Spéciale Anti-Dahalo (USAD14). Tao amin'ny kizo atao hoe Antsary fokontany Benato Kaominina Beraketa Bekily, no nifandona ny Zandary sy ny malaso, ka lavo ny roa tamin' ireto farany. Lasa nandositra ireo tsy lavo, ka taorian'ny savahao natao dia voaorina avokoa ny omby very, izay naverina amin'ny tompony. Noho ny fiaraha-miasan'ny mpanaradia, ny kalôny sy ny zandary dia nahomby ny tetik'ady satria tonga dia ireo kizo no nambenana. Nanolotra teny fisaorana ho an'ny Zandarimaria ny mponina ao Belamonty.

***Ny Valosoa***



*Fanarahan-dia omby very nataon'ny zandary.*

Polisim-pirenena

## Ho ampiharina ireo paikady vaovao vao novolavolaina

Naharitra roa andro ny fikaonandoha nataon'ny polisim-pirenena teny amin'ny CCI Ivato tamin'ity herinandro ity. Ny fizotry ny atrik'asa izay natao nandritra izany dia toy izao manaraka izao : nafana tokoa ny ady hevitra tao anatin'ny fandaniana ny fanekena ireo paik'ady vaovao izay hamaritra ny fomba fiasa. Nizara vaomiera efatra lehibe ireo mpizaika : ny vaomiera voalohany, izay nikatroka momba ny fandriampahalemana sy ny filaminana ara-tsosialy (Sécurité et paix sociale). Ny vaomiera faharoa dia niompana tamin'ny famerenana ny fanajàna ny fitsipika (Restauration de la discipline). Ny vaomiera fahatelo kosa dia nisahana ny fomba fitantanana miaro fandraisan'andraikitra (Gouvernance responsable). Ny vaomiera fahaefatra kosa dia niompana tamin'ny fampivoarana ny miralenta sy ny fiarovana ireo olona marefo (Approche genre et protection des personnes vulnérables). Marihina fa ireo Tale sy Talem-paritra ary ireo Lehiben'ny sampan-draharaha isan-tsokajiny avy eo anivon'ny Polisim-pirenena no nandrafitra ireo vaomiera tsirairay avy ireo, ireo paikady vaovao izay tsy maintsy hampiharina ho fiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana.

***Ny Valosoa***



*Ny atrikasa nataon'ny polisim-pirenena teny Ivato.*


Ady amin'ny zava-maha domelina

## rongony 6 gony saron'ny zandary

Ny fiandohan'ity herinandro ity dia nahazo angom-baovao tamin'ny olona tsara sitrapo ny Komandin'ny tobimparitry ny Zandarimaria ao Leanja, fa misy olona miisa 4 mitondra rongony ao amin'ny tanàna antsoina hoe Begoroga kaominina Leanja, distrikan'i Port- Bergé, Faritra Sofia. Nidina avy hatrany ny Zandary 4 hijery ifotony na dia mamantonalina aza ny andro ary hita tao tokoa ireo olona, ka voasambotra ny roa raha ny roa hafa tafatsoaka. Voatazona avokoa ireo gony miisa 6 feno rongony milanja 86 kg. Nopotehina ireo rongony rehefa vita ny taratasy sy famotorana mikasika izany.

***Ny Valosoa***

## SARIITATRA : Japian-dRajoelina koa ny fahatongavan'ny Papa




### Taratasin'ny mpamaky

Ampitaina amintsika mpamaky ny gazety, sy izay mety iantefany izao manaraka izao. Rehefa nanaraka ny fandaharan'asa Arizaka Raoul t@ fandaharana KIANJA TVM isika dia mahita izahay mpitia KITRA ry FILOHAN'NY LIGY 22 fa RAOUL dia MPITARIKA MENDRIKA :

Iza no hahalala fa hay ve afaka manorina Kianja Vaovao isika, ka na TENDROMBOHITRA sy ny HAVOANA TAMPONTANETY izay tsy afaka ho novolena dia hahavitana KIANJA LEHIBE SY MANARAPENITRA, izay vitan'i RAOUL mampandroso izany ary hitariny manerana ny faritra 22 rehefa izy no tonga eo amin'io toerana FILOHAN' NY FMF io, ary hanangana KIANJA KITRA maro isakin'ny Commune satria midadasika Madagasikara. Ianareo Filohan'ny Ligy no iantefan'ny hoavin'ny BAOLINA KITRA malagasy, koa miantso ny feon'ny fieritreretanareo izahay mpitia KITRA fa LEHILAHY VONONA SAHY MAHAVITA ARY MAHAY io olona tohananay izay mpitia kitra tsy mba afaka mifidy io, fa ianareo no solontenanay. Alefa RAOUL !

***Tahinjanahary Randriamampianina***
***Ambohimanarina, Antananarivo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**17/08/19 hatramin'ny 24/08/19**

- **MAMY** (67HA Nord Est)
020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana)
020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor)
020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra)
020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona)
034 07 228 98

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 943-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

LADOANY

## Azon'ny mpanjifa ampiasaina ny laharana maintso 360 amin'ny fandraharahana entana

Mavesatra ho an'ny mpanjifa entana sy ny mpandraharaha ny famoahana sy ny fampidirana entana mihantona eny anivon'ny fadin-tseranan'ny seranampiaramanidina, na ny seranan-tsambo. Manginy fotsiny ireo fitarainana ataon'ny mpanafatra entana mikasika ny fisian'ny kiantranoantrano sy ny kolikoly ary ny fampiasan' ny mpiasan'ny ladoany ny fahefam-panjakana ahafahana mahazo tombontsoa amin'ny fandraharahana entana . Azon'ny rehetra ampiasaina nanomboka ny Talata teo ny laharana maintso 360 mikasika ny fandraharahana entana eny anivon'ny fadintsaranana manerana ny nosy ialana amin'ny kolikoly. Nilaza i Andriamatoa Razafindraony Thierry José tompon'andraikitrin'ny tetik'asa "centre d'appel 360", fa olona efa vita hofana amin'ny fikirakirana ny serasera mikasika ny fadin-tseranana ireo mpiasa mandray ny antso an-tariby. Voasoritra ao anatin'ny andraikitr'izy




*Ity no laharana maintso ampiasain'ny Mpadraharaha entana eny anivon'ny fadi-tseranana.*

ireo ny fandraisana fitarainana sy ny fitoriana ataon' ny mpanjifa ary fanarahamaso sy tolo-tanana amin' ny famahana ny olana mikasika ny fandraharahana entana miara-miasa amin' ny tompon'andraikitra mahefa eny anivon'ny fadintseranana. Nilaza i Andriamatoa Thierry fa maimaimpoana ny antso ary miasa 24 ora amin'ny 24 ora ary 7 andro maninjitra ny mpiasan'ny ivontoerana mandray ny antso an-telefonina 360. Nanamafy ity tompon'andraikitra ity, fa harovana ireo olona manome vaovao mikasika ireo fandikandalàna eny anivon'ny fadin-tseranana . Ho fanampiana ny mpanjifa sy ny mpiasan'ny fadin-tseranana amin'ny raharaha fanondranana sy fampidirana entana no tanjon'ny tetik'asa hoy ihany ity tompon'andraikitra ity, eo ihany koa ny ady amin'ny kolikoly eny anivon'ny fadin-tseranana. Moa ve hampihena ny fandikandalàna eny anivon'ny fadin-tseranana tokoa ny fampiasana ny laharana maintso 360? Ho hita eo.

***Franck Razakambelo***

Fascène Nosy-Be.

## Tratra ny tambazotra mpanondrana volamena an-tsokosoko

Resaka volamena any amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Fascène any Nosy-Be. Tratran'ny velam-pandrikin'ny polisim-pirenena any Nosy Be ireo tovolahy telo avy aty Antananarivo izay, voakarama hanao teti-dratsy amin'ny mpiasan'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Fascène amin'ny resaka fanondranana an-tsokosoko volamena. Tratra tany Hellville izy telo lahy ireto, mbola eo ampanaovana famotorana ny polisim-pirenena, araka ny loharanom-baovao azo dia resaka tambazotra fanondranana volamena amin'ny fiaramanidina mandeha any andafy no ataon'izy ireo, ka ireo mpamafa sy mpitondra entana amin'ny fiaramanidina any an-toerana no mitondra ireo volamena ireo, satria izy ireo dia tsy savaina sy tsy mandalo scaner, fiaraha-miasa ny olona sasany ao amin'ny seranam-piaramanidina Ivato Antananarivo sy ny any Nosy Be no nahasaronana azy ireo. Efa misy ampahan'ny volamena no efa tafavoaka teto Madagasikara ny sasany kosa mbola ao Nosy Be. Rehefa nataon'ny polisim-pirenena ny fisafoana ny toerana fandraisam-bahiny nipetrahan'ireto jiolahy ireto dia hita tamin'izy ireo ny fitaovana maromaro. Noho ny ezaka ny polisim-pirenena no nahatratrarana izao, ka mitaky hatrany ny fiaraha-miasa amin'ny vahoaka ny mpitandro filaminana any Nosy Be mba hamongorana ny mpanao ratsy.

***Ny Valosoa***





*Ny seranam-piaramanidin'i Fascène any Nosy-Be.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 289**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0288)

**Mitsivalana**
- Volamena
- Asako – At
- Ranomena
- Amy – Bodo
- Tra
- Rora – Hao
- Ala – Fay

**Mitsangana**
- Varatra
- Maso (Miv) – Lo (Miv)
- Lanitra
- Ako – Rà
- Momba
- Eo – Ha
- Nandray
- Atao

### TENY MIFANARAKA N° 289




**Mitsivalana**

**1.** Miparitaka **2.** Harena (Miv) – Fototenin'ny mandao **3.** Embona (BR) – Raharaha **4.** Fifanolanana (Miv) **5.** Eritreriny **6.** Tsy tsaroana **7.** Kanto – Teny miangavy, mandrara **8.** Heno – Vita amin'ny tanimanga (BR) – Firenena (BR) **9.** Ao amin'ny rora – Toeram-piasana **10.** Zava-maniry (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Tsy salama – Aviavy **B.** Bengy – Fanaviana **D.** Taranakao **E.** Hazo maro tapaka – Havana **F.** Ampahatelon'ny rononono – Tamy – Farateny (Miv) **G.** Nikaroka (Miv) – Gia **H.** Vahiny – Kianteny **I.** Marary saina (Miv) – Ilaina amin'ny fanorenana izay atao (Miv) **J.** Lio – Nitetika, naniry (BR) **K.** Jamoka – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0288

**Mitsivalana**

1 *Maloto* – Soa **2.** *Ivoloina* **3.** *Ao* – Dakao **4.** *Ambola* **5.** *Anabavy* – Id **6.** Eo – Roa (*Miv*) **7.** Lona (*Miv*) – Kanto **8.** *Mitolona* **9.** Inona ? – Na **10.** Sakaizany

**Mitsangana**

A. *Miala* – Sima (*Miv*) B. *Avo* – Nenina D. Lo – AA – Kato (*Miv*) E. Olombelona F. To – Boa – Lay G. Vidio (*Miv*) – Ko H. Lany (Naly) – *Aina* (*Miv*) I. Saka – Ana J. Toy (*Miv*) – Ny K. *Avandrana*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fivoriana nataon'ireo mpitarika ny RMDM teny Faravohitra.











REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

------o0o-----

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO

-----------

MAIRE

-----------

SECRETARIAT GENERAL

-----------

DIRECTION DES TRANSPORT ET MOBILITE URBAINE

-----------

N° : 398 CUA/M/SG/DTMU.19

## AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERETS

**Pour la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte de l'ex bambou à Ampefiloha**

1. Etant Capitale de Madagascar, la Commune Urbaine d'Antananarivo s'efforce constamment de maintenir sa réputation en tant que « Ville propre et attractive ». En instaurant une participation inclusive de sa population, elle encourage davantage cette dernière à contribuer au développement de la Ville d'une part, et à améliorer les ressources financières de la municipalité d'autre part.

2. Afin de maintenir l'ordre et la salubrité dans les aires de parking dans la ville d'Antananarivo, La Commune Urbaine d'Antananarivo invite tous les intéressés à présenter leurs candidatures sur la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte de l'ex bambou à Ampefiloha pour une durée de deux (2) ans.

   Les termes de référence des documents de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats intéressés doivent fournir toutes les informations justifiant qu'ils sont en mesure de gérer l'aire de parking, à savoir :

   - une lettre de manifestation d'intérêt
   - tous les documents exigés dans les termes de référence

3. Les dossiers de manifestation d'intérêts doivent être déposés à l'adresse ci-dessous au plus tard le **09 Septembre 2019** et portant la mention **« MANIFESTATION D'INTERET POUR LA GESTION DE PARKING DANS L'ENCEINTE L'Ex BAMBOU A AMPEFILOHA »**

Adresse :

Commune Urbaine d'Antananarivo
Hôtel de Ville Analakely
GUICHET UNIQUE
Prote 36 – 1er étage

Fait à Antananarivo, le 09 AOUT 2019

Landy Harilala